

Nataon'i Ann M. Dibb

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny
Zatovovavy Maneran-tany

“Matanjaha”

Ireo torolalana avy ao amin'ny bokin'i Josoa dia bitambatra ka bitondra loharanon-kerim-po sy tanjaka mahery vaika indrindra ho antsika dia ny finoana ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy.

Matetitika mihitsy, rehefa miteny amin'ny rahalahy ao amin'ny fisoronana ny Manampahefana Ambony dia manomboka ny teniny amin'ny filazana fa tsapan'izy ireo ho toy ny miteny amin'ny “tafika matanjaky” ny mpitarika mahery ao amin'ny fisoronana izy ireo. Androany alina aho dia mahatsapa ho toy ny mijoro manoloana ny “tafika maherin'ny” zanakavavin'Andriamanitra voafidy. Voafidy ianareo handroso, hijoro eo anilan'ireo mpihazona fisoronana mahery fo ireo, amim-pahamarinana amin'izao andro farany izao. Tena miavaka sy mahafatifaty ny fijery anareo.

Izao hariva izao dia tiako ny hanomboka amin'ny alalan'ny fanaovana jery todika fohy ny toe-javatra ara-tantara mikasika ny lohahevitsika dia ny Josoa 1:9, manao hoe: “Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao.”

I Mosesy dia ilay mpaminany mahery izay nitarika ny zanak'i Isiraely hivoaka ny tanin'ny Egipta, toerana izay nanandevozana sy nahavoatarika azy ireo hanompo andriamanitra diso (jereo Levitikosy 18:1-3). Taorian'ny 40 taonan'ny fahasahiranana tany antany foana, dia tena akaiky tokoa ilay

fonenany vaovao izy ireo izay toerana hahazoany fahafahana malalaka hanompo Ilay Andriamanitra marina sy velona. Tamin'ny nahafatesan'i Mosesy dia nantsoin'Andriamanitra i Josoa ho mpaminany izay hamita izany dia mahagaga izany.

I Josoa dia mpitarika nahasarika. Ny Bible Dictionary (Rakibolan'ny Baiboly) dia miantso azy hoe “ilay kazarany ambony indrindra amin'ny miamila tena sahy” ary maneho fa ny anarany dia midika hoe “Andriamanitra dia manampy” (Bible Dictionary (Rakibolan'ny Baiboly) “Josoa,”). Ny fitondrany izay notarihan'ny Fanahy dia tena nilaina tokoa, satria mbola

maro ireo renirano hiampitana sy ireo ady ilaina resena mialohan'ny ahafahan'ireo zavatra rehetra nampanantenain'ny Tompo tamin'i zanak'i Isiraely mba ho tanteraka sy ho azo.

Ny Tompo dia nahafantatra fa ny mpaminany Josoa sy ny vahoakan'i Isiraely dia hila herim-po lehibe mandritra izany fotoana izany. Ao amin'ny toko voalohan'ny bokin'i Josoa, ny Tompo dia niteny imbetsaka taminy hoe “koa mahereza sy matanjaha.” Ny teny hoe “herim-po” dia voafaritra ho toy ny “hery ara-tsaina izay mitondra . . . faharetana sy mampijoro manoloana ny loza sy ny tahotra ary ny fahasarotana” (*Merriam-Webster's Collegiate Dictionary*, boky nivoaka faha-11 [2003], “herim-po”; nampiana fanamafisana). Tamin'ny alalan'ny herim-po sy ny fankatoavan'izy ireo, no nahafahan'i Josoa sy ny zanak'i Isiraely niditra tany amin'ny tany nampanantenaina ary nahita fifaliana tao amin'ny fitahian'ny Tompo.

I Josoa sy ny zanak'i Isiraely dia niaina efa fotoana ela dia ela izay. Saingy amin'izao androntsika izao, isika koa dia mifofotra koa mba hiditra any amin'ny “tany nampanantenaina” iray. Ny tanjontsika lehibe indrindra dia ny hahazo ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Raintsika any an-danitra. Ao amin'ny toko voalohan'ny bokin'i Josoa dia mahita torolalana efatra azo antoka isika mba hanampy antsika hihoatra ny sakana misy eo amintsika, sy mba hamintantsika ny diantsika ary mba hahafahantsika higo-ka ny fitahian'ny Tompo ao amin'ny “tany nampanantenaina” antsika.

Voalohany, ao amin'ny andininy faha-5, ny Tompo dia mampanantena




an'i Josoa hoe: “tsy handao anao aho na hahafoy anao.” Afaka mahita herim-po sy tanjaka isika avy amin'izany fampanantenana izany fa ny Tompo dia ho eo mandrakariva ho antsika ary tsy handao antsika na oviana na oviana. Ampianarina isika fa ny Ray any andanitra dia mahafantatra sy tia ny tsirairay amin'ny zanany. Amin'ny maha iray amin'ireo Zanany vavy sarobidy anao dia manana anjara amin'ny fiarovany sy ny fitarihany ianao amin'ny alalan'ny herin'ny vavaka. Ao amin'ny Fotom-pampianarana sy ny Fanekempihavanana, isika dia mamaky hoe: “Ary aoka ianao hanetry tena, ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin'ny tanana sy hanome anao ny valin'ny fivavakao” (F&F 112:10).

Mino ireo teny ireo aho ary mampantena anao fa ny Ray any andanitra dia tena maheno sy mamaly ny vavaka ataontsika. Saingy matetika dia takiana amintsika ny faharetana rehefa “mian-drandra ny Tompo” isika (Isaia 40:31). Eo am-piandrasana isika dia mety manomboka mihevitra fa nilaozana na tsy nohenoina ny vavaka nataontsika na koa hoe mety tsy mendrika ny hahazo valim-bavaka isika. Tsy marina izany. Tiako ny teny mankahery nataon'ny mpanjaka Davida manao hoe: “Nian-dry dia niandry an'i Jehovah aho ary nitodika nitsinjo ahy Izy ka nandre ny fitarainako” (Salamo 40:1).

Na inona na inona mety atrehanao mandritra ny dianao manokana, ny torolalana voalohany hita ao amin'i Josoa dia mampatsiahy antsika hivavaka sy hanana faharetana ary hahatsiaro ny fampanantenan'Andriamanitra manao hoe: “Tsy handao anao na hahafoy anao Aho” (Josoa 1:5).

Ny torolalana faharoa dia hita ao amin'ny andininy faha-7, rehefa miteny amin'i Josoa ny Tompo hoe: “. . . hitandremanao hanao araka ny lalàna rehetra . . . aza miala aminy, na ho amin'ny ankavanana, na ho amin'ny ankavia, mba haminina ianao amin'izay rehetra ataonao.” Ny Tompo dia mampianatra an'i Josoa mba hankatò tanteraka ny didiny, ary tsy hiala amin'ny lalan'ny Tompo. Ny Filoha Howard W. Hunter dia nampianatra fa, “I Josoa dia nahafantatra fa ny fankatoavany dia hitondra fahombiazana, ary na dia tsy fantany tanteraka aza ny fomba mety



hahombiazany dia nanana fahatokisana ny ho vokatra avy amin'izany izy . . . Tsy hihambahambana fa ny traikafan'ireo mpaminany lehibe hita ao amin'ny soratra masina dia voarakitra sy voatahiry mba hanampiana antsika hahatakatra ny maha zava-dehibe ny fisafidianana ny lalan'ny fankatoavana feno (“Commitment to God,” *Ensign*, Nôv. 1982, 57, 58).

Iray volana lasa izay dia namangy andian-jatovovavy aho. Nanontany ireo zatovovavy zokiny indrindra aho mikasika ny torohevitra izay mba homeny ny tohotantely iray vaovao mba hanampy azy hitoetra ho mahatoky sy ho manan-kasina amin'ny toe-javatra rehetra izay mety hatrehany. Nisy zatovovavy iray nilaza hoe “rehefa midina ny lalantsaran'ny sekoliniao ianao, dia mety nisarika tampoka ny masonao ny zavatra iray izay toa tsy mety. Mety ho liana te hahafantatra sy te hijery ianao. Ny torohevitra aminao dia izao: Aza mijery. Mampantena aho fa hanenanao izany raha toa ka ataonao. Mino ahy, mijere mahitsy hatrany.”

Raha nihaino io zatovovavy io aho dia fantatro fa naheno ny torohevity ny Tompo tamin'i Josoa aho dia ilay hoe: “aza miala aminy, na ho amin'ny ankavanana na ho amin'ny ankavia” (Josoa 1:7), izay nampiharina tamin'ny toe-java-miseho andavanandro amin'izao andro farany izao. Ry zatovovavy, ialao ny fakam-panahy izay manodidina anao amin'ny alalan'ny fanarahana feno ny didy. Mijere mahitsy hatrany

mankany amin'ny tanjonao mandrakizay. Ny torolalana faharoa dia mampatsiahy antsika fa raha manao izany ianao dia “hambinina . . . amin'izay rehetra alehanao” (Josoa 1:7).

Ao amin'ny andininy faha-8 dia hitantsika ny torolalana fahatelo ho antsika. Eto ny Tompo dia miresaka momba ny “bokin'ny lalàna” ary miteny amin'i Josoa hoe “saintsaino andro aman'alina, hitandremanao hanao araka izay rehetra voasoratra eo; ary amin'izany dia hahalavorary ny lalanao ianao sy hambinina.” Ny Tompo dia mampianatra an'i Josoa sy antsika rehetra mba hamaky ny soratra masina. Ny fianarana soratra masina isan'andro, indrindra ny Bokin'i Môrmôna, dia mametraka fototra mafy orina ho an'ny fijoroana ho vavolombelonao izay eo andalam-pivoarana mikasika an'i Josoa Kristy sy ny Filazantsarany. Izany dia manasa ny Fanahy ho ao amin'ny fiainanao. Ny Filoha Harold B. Lee dia nananatra fa, “raha tsy mamaky ny soratra masina isan'andro isika dia mihena ny fijoroantsika ho vavolombelona, [ary] tsy tena mivoatra lalina tsara ny fiainam-panahintsika” (*Teachings of Presidents of the Church (Enseignements des Présidents de l'Eglise): Harold B. Lee* [2000], 66).

Ao anatin'ireo pejiny ny soratra masina dia misy fitarihana, fampanantenana, vahaolana ary fampahatsiahivana tsy tambo isaina izay hanampy antsika amin'ny diantsika mankany amin'ilay “tany nampanantenaina.” Ny torolalana fahatelo dia mitarika antsika hamaky sy handinika ny soratra masina isan'andro mba hahafahantsika mahita fiandroboana sy fahombiazana.

Taorian'ny firesahan'ny Tompo tamin'i Josoa, dia niresaka tamin'ny zanak'i Isiraely indray i Josoa. Tany amin'ny faran'ny lahateniny, ao amin'ny andininy faha-16, dia namaly ny teniny ny zanak'i Isiraely ary nanolotra antsika ny torolalana fahaefatra. Namaly izy ireo hoe, “izay rehetra andidiana anay dia hataonay ary izay rehetra anirahanao anay dia alehanay.”

Amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonan'i Josoa Kristy ho an'ny Olo-masin'ny Andro Farany antsika dia manana fahafahana isika hanao fanoloran-tena mitovy amin'izany mba hanaraka ny mpaminanintsika



Santiago, Chili

Thomas S. Monson, izay miaraka amin-tsika eto androany alina. Amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fanamafisan'ny Fanahy, ny tsirairay amin-tsika dia afaka mahazo ny fijoroana ho vavolombelontsika manokana mikasika ny mpaminany velona. Izany fijoroana ho vavolombelona izany dia mitombo rehefa mihaino sy mandinika ary manana herim-po hampihatra ny fampianarany eo amin'ny fiainantsika andavanandro isika.

Ny fihainoana sy ny fanarahana ny torohevitra ny mpaminanintsika dia manome antsika fahafahana hahazo fitahiana manokana. Henoy ny ampahan'ireo fampanantenana arapaminanian'ny Filoha Monson natolony antsika tamin'ny Fihaonambentsika maneran-tany farany teo: "Hitahy anareo anie Andriamanitra. Ny fiadanana nampanantenainy anie ho aminareo ankehitriny sy mandrakizay." ("Teny Famaranana," *Liabona*, Nôv. 2009, 110). "Fampanantenana lehibe no miandry antsika raha mitoetra ho marina sy mahatoky isika." ("School Thy Feelings, O My Brother," *Liabona*, Nôv. 2009, 69). "Miantso ny fitahian'ny lanitra ho eo amin'ny tsirairay aminareo aho" (*Liabona*, Nôv. 2009, 110).

Amin'ny herinandro ambony, mandritra ny Fihaonambe maneran-tany dia manasa anareo aho hihaino ny torolalana sy ny fampanantenana omena anareo izay omena amin'ny alalan'ny mpaminanintsika sy ireo apôstôly. Avy eo dia ampiharano ny torolalana

fahafatra amin'ny alalan'ny fahavononana hanaraka ny torohevitra ny mpaminany ary hanaiky indray fa "izay rehetra andidiana anay dia hataonay ary izay rehetra anirahanao anay dia alehanay." (Joshua 1:16).

Ankehitriny, ireo torolalana efatra ireo dia ny vavaka, ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra, ny fianarana soratra masina isan'andro ary ny fahavononana hanaraka ny mpaminany velona dia toa tahaka ny zavatra kely sy tsotra. Mamelà ahy ianareo hampahatsiahy ny soratra masina hita ao amin'i Almà manao hoe: "Nefa indro lazaiko aminao fa amin'ny alalan'ny zava-madinika sy tsotra no anatanterahanany zavatra lehibe." (Alma 37:6). Rehefa ampiharina amin'ny fiainantsika andavanandro ireo torolalana efatra "kely sy tsotra" avy ao amin'ny bokin'i Jesoa ireo dia hitambatra ka hitondra loharanonkerim-po sy tanjaka mahery vaika indrindra ho antsika dia ny finoana ny Raintsika any an-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy.

Ny Ray any an-danitra dia mahafantatra fa ny diantsika tsirairay manokana dia tsy mora. Miatrika toe-javatra izay mitaky herim-po sy tanjaka isika isan'andro. Ny tantara iray vao tsy ela tao amin'ny *Church News* dia manamafy izany fahamarinana izany:

"Volana vitsy lasa izay, ny mpampianatra iray tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa iray dia nanomboka ny fampianarany indray andro tamin'ny fanontaniana ny mpianatra izay

nanohana olana politika iray mba hijoro teny amin'ny faritra iray tao anatin'ny efitrano ary ireo izay nanohatra izany kosa dia nasainy nijoro teny amin'ny faritra iray hafa. Rehefa samy nisafidy ny lafiny misy azy ireo mpianatra dia nisafidy ny firehany ka namonjy ireo mpanohitra ny mpampianatra. Nifantoka tamin'ny zatovovavy iray teo anivon'ny mpanohana ny mpampianatra ary nanomboka nanakiana azy sy ny mpiara-mianatra sasany noho ny fomba fijerin'izy ireo izy.

"Ilay zatovovavy izay Farimbona tao amin'ny paroasiny dia nitaty ny fanakianana izay nitsikera ny finoany.

"[Nitoetra] ho tony izy nanoloana ny fanakianana ampahibemaso izay nantarihan'ny olona iray nanana fahefana" ("What Youth Need," *Church News*, 6 Marsa 2010, eo amin'ny fononiny any ambadika).

Io zatovovavy io dia naneho herim-po miavaka teo amin'ilay sahan'adiny manokana, izay tsy inona fa ny efitrano fianarany tamin'io andro io. Na aiza na aiza misy anareo, ary na inona na inona atrehanareo dia manantena aho fa hanararaotra ireo torolalana efatra hita ao amin'ny bokin'i Jesoa ireo ianareo ka afaka hahatoky ny fampanantenany Tompo hoe: "Koa mahereza sy matanjaha, aza matahotra na mivadi-po fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao" (Joesa 1:9).

Te hamela anareo miaraka amin'ny fijoroako ho vavolombelona aho fa ny Ray any an-danitra dia mahafantatra sy tia ny tsirairay aminareo. Raha mitodika Aminy ianareo, dia tsy hamela anareo Izy! Hitahy anareo amin'ny tanjaka sy herim-po izay ilainareo hahatanterahanareo ny dianareo miverina any Aminy Izy. Feno fankasitrahana aho noho ny soratra masina ary noho ireo ohatra mahery vaika toy ny an'ny mpaminany Jesoa. Feno fankasitrahana aho noho ny Filoha Monson, izay mifofotra mba hitarika antsika hiverina soa aman-tsara any amin'ny Raintsika any an-danitra. Mivavaka aho mba hidirantsika ao amin'ilay "tany nampanantenaina" antsika sy mba habitantsika fitsaharana ao amin'ny fitahian'ny Tompo, toy ny zanak'i Isiraely. Izany no lazaiko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■